# Antibiotika: Inona Izy Ireo Ary Ahoana ny Fomba Fampiasana Azy

Raha toa ka ampiasaina amin'ny tokony ho izy ny antibiotika dia tena mahasoa tokoa ary fanafody manan-danja. Miady amin'ny otrikaretina sy aretina sasany ateraky ny *bakteria* izy. Ireo antibiotika malaza dia ny penicillin, tetracycline, streptomycin, chloramphenicol, ary ny fanafody sulfa, na koa sulfonamides.

**Misy karazany maro samihafa ny antibiotika ary samy manana ny sokajin'aretina ho sitranina tandrify azy avy .**


**Ireo antibiotika rehetra dia samy mety hampidi-doza avokoa ny fampiasana azy, saingy ny sasany dia tsy dia mampidi-doza mihoatra noho ireo hafa. Tandremo tsara rehefa misafidy ny antibiotika ampiasaina.**

Maro karazana ireo antibiotika, ary na dia karazany iray dia amidy amin'ny 'anarana manokana' maro samihafa. Mety hampikorotana ny saina izany. Na izany aza dia voazara ao anaty vondrona lehibe vitsivitsy ireo antibiotika manan-danja:

| **Vondron'ny antibiotika (anarana fiantso azy)** | **Ohatra amin'ireo marika** | **Ireo marika eo amin'ny faritra misy anareo** (soraty eto) | **Jereo ny pejy** |
|---|---|---|---|
| PENICILLINS | *Pen-V-K* | ____________ | 350 |
| AMPICILLINS* | *Penbritin* | ____________ | 352 |
| TETRACYCLINES | *Terramycin* | ____________ | 355 |
| SULFAS (SULFONAMIDES) | *Gantrisin* | ____________ | 356 |
| COTRIMOXAZOLE | *Bactrim* | ____________ | 357 |
| STREPTOMYCIN, etc. | *Ambistryn* | ____________ | 353, 361 |
| CHLORAMPHENICOL | *Chloromycetin* | ____________ | 356 |
| ERYTHROMYCIN | *Erythrocin* | ____________ | 354 |
| CEPHALOSPORINS | *Keflex* | ____________ | 358 |

***Fanamarihana:** ny Ampicillin dia karazana penicillin izay mamono karazana bakteria maro kokoa noho ny penicilline tsotra.

Raha misy anaran'antibiotika izay tsy fantatrareo ny vondrona misy azy dia vakio ilay soratra manify ao ambanin'ny tavoahangy na boaty. Ohatra: raha manana *Paraxin 'S'* ianareo nefa tsy fantatrareo ny ao anatiny dia vakio ilay soratra manify. Mivaky hoe 'chloramphenicol' ilay izy.




Jereo ao amin'ny PEJY MAITSO ny chloramphenicol (p. 356). Ho hitanao ao fa tsy tokony ampiasaina raha tsy amin'ny aretina mahery vaika vitsy izy io, toy ny tefoedra, ary tena mampidi-doza tokoa raha omena ny zazakely vao teraka.

**Aza mampiasa antibiotika raha tsy fantatrareo ny vondrona misy azy, inona ny aretina toheriny, ary inona ny fepetra tokony ho raisinareo amin'ny fampiasana azy amin'ny fomba azo antoka.**

Ny fampahalalana mikasika ny fampiasàna azy, ny fatrany, ny loza mety haterany, ary ny fepetra raisina mikasika ny antibiotika izay atoro ato anatin'ity boky ity dia afaka hita ao amin'ny PEJY MAITSO. Tadiavo ny anaran'ilay fanafody ao anatin'ny lisitry ny abidia hita eo am-panombohana ireo pejy ireo.

TOROLÀLANA AMIN'NY FAMPIASÀNA NY ANTIBIOTIKA REHETRA

1. Raha tsy fantatrao mazava tsara ny fomba fampiasa ilay antibiotika ary otrikaretina inona no ampiasana azy, dia aza mampiasa.

2. Aza mampiasa afa-tsy antibiotika izay natoro ho an'ny otrikaretina tianao tsaboina. (Jereo anatin'ity boky ity ilay sokajin'aretina)

3. Fantaro ny loza mety ateraky ny fampiasana antibiotika ary raiso ireo fepetra rehetra nafarana anareo (jereo ireo PEJY MAITSO).

4. Ampiasao araky ny fatra izay nafarana anareo ny antibiotika—tsy mihoatra, ary tsy latsaka. Ny fatra dia miankina amin'ilay aretina sy ny taona na ny lanjan'ilay marary.

5. aza mampiasa antibiotika atao tsindrona raha toa ka mitovy fiasa amin'izany ihany ny atelina. Aza mampiasa tsindrona raha tsy faran'izay tena ilaina.

6. Tohizo ny fampiasana ilay antibiotika mandrapahasitrana tanteraka ilay aretina, na farafahakeliny 2 andro aorian'ny fahafahan'ny fanaviana sy famantarana otrikaretina hafa. (Ny aretina sasany toy ny raboka sy ny habokana dia mila tsaboina mandritra ny volana na taona maro aorian'ny fahasitranan'ilay olona. Araho ny toromarika mikasika ny aretina tsirairay).

7. Raha toa ka miteraka bontsibontsina eo amin'ny hoditra, hidihidy, fahasarotana miaina, na tranga hafa ilay antibiotika dia tsy maintsy ajanon'ilay olona ny fampiasana azy **ary tsy mampiasa izany intsony mandrakizay** (jereo p. 70).

8. **Aza mampiasa antibiotika raha tsy tena faran'izay ilaina izany.** Raha ampiasaina be loatra ny antibiotika dia manomboka tsy miasa tsara intsony izany.

TOROLÀLANA AMIN'NY FAMPIASASA NY ANTIBIOTIKA *SASANY*

1. A lohan'ny hanindronana penicilline na ampicilline, omàno foana ny tavoahangy kely misy ny *Adrenaline* (epinephrine) mba hifehezana ny tsy-fahazakàna raha toa ka mitranga izany (p. 70).

2. Ho an'ireo olona tsy mahazaka penicilline, mampiasa antibiotika hafa toy ny erythromycine na sulfa (jereo p. 354 sy 356).

3. Aza mampiasa tetracycline, ampicilline, na antibiotika *miady amin'ny aretina maro* hitsaboana aretina iray izay afaka fehezina amin'ny penicilline na amin'antibiotika izay *tsy miady afa-tsy amin'ny aretina vitsy* (jereo p. 58). Ny atao hoe antibiotika miady amin'ny aretina maro dia mamono bakteria karazany maro kokoa noho ireo atao hoe antibiotika tsy miady afatsy amin'ny aretina vitsy.

4. Raha ny fitsipika, ny chloramphenicol tsy azo ampiasaina raha tsy amin'ny aretina mahery vaika na mahafaty toy ny tefoedra. Fanafody mampidi-doza izy io. **Aza** mampiasa azy io **mihitsy** amin'ny aretina malefaka. Ary aza omena ny zaza vao teraka mihitsy (raha tsy amin'ny koha-davareny, p. 313).

5. Aza atsindrona ny tetracycline na ny chloramphenicol. Azo antoka kokoa, tsy marary kokoa, ary mitovy fiasa na tsara kokoa aza ny pilina atelina.

6. Aza omena tetracycline ny vehivavy mitondra vohoka na ny ankizy latsaky ny 8 taona. Hanimba ny nify vao mifona sy taolana vaovao izany (jereo p. 355).

7. Rah any fitsipika ankapobeny, m ampiasà streptomycine, na vokatra izay misy izany ho an'ny raboka irery ihany—ary ampiaraho hatrany amin'ny fanafody iadiana amin'ny raboka izany (jereo p. 361). N y Streptomycin ampiarahana amin'ny penicillin dia afaka ampiasaina amin'ny fery lalina ao amin'ny tsinay, *appendicitis*, sy otrikaretina manokana hafa raha toa ka tsy misy (na lafo loatra) ny ampicilline, saingy tsy azo ampiasaina amin'ny sery, gripa, sy otrikaretin'ny *taovam-pisefoana*.

8. Ireo fanafody rehetra ao anatin'ny vondron'ny streptomycine (ao anatin'izany ny kanamycine sy ny gentamicine) dia mahafaty (misy poizina). Omena rehefa voan'ny aretina malefaka izy ireo nefa mampidi-doza fa tsy manasitrana. Aza ampiasaina afa-tsy amin'ny aretina tena mahery vaika izay tokony ampiasaina azy.

9. Ny fihinanana yaourt na vaingan-dronono dia mahasolo ireo bakteria novonoin'ny antibiotika toy ny ampicillin ary hanampy ny vatana hiverina amin'ny fifandanjany natoraly tokony ho izy (jereo ny pejy manaraka).

INONA NO ATAO RAHA OHATRA KA TOA TSY MANDAITRA NY ANTIBIOTIKA

Ho an'ny ankabeazan'ireo aretina mahazatra, ny antibiotika dia manomboka mitondra fihatsarana ao anatin'ny iray na roa andro. **Raha ohatra ka toa tsy mandaitra ilay antibiotika nampiasainareo, mety hoe:**

1. Tsy ilay eritreretinareo ilay aretina. Mety diso ny fanafody ampiasainareo. Ezaho fantarina ilay tena aretina—ary ampiasao ny fanafody tokony ho izy.


2. Diso ny fatran'ny antibiotika. Hamarino izany.

3. Lasa *nanohitra* ilay antibiotika ilay bakteria (tsy mandaitra aminy intsony izany). Andramo ny antibiotika iray hafa ho an'io aretina io.

4. Mety tsy hainao tsara ny mitsabo ilay aretina. Mahazoa fanampiana ara-medikal y, indrindra raha mihamafy na miharatsy ny toe-javatra.


**Ireo zaza telo ireo dia voan'ny sery avokoa...**

Inona no fositra?



Penicillin! (Jereo ny Tsy Fahazakana, p. 70)

Inona no nahatonga ny loza?



Chloramphenicol!

(jereo ny loza sy ny fepetra raisina mikasika io fanafody io, p. 356)

Nahoana ity zaza ity no sitrana?



Tsy nihinana fanafody mampidi-doza izy—

Ranom-boankazo, sakafo tsara, ary maka aina ihany.

**Ny antibiotika dia tsy manasitrana ny sery. Ampiasao ny antibiotika ho an'ny otrikaretina izay fantatra fa sitrany**

# NY LANJAN'NY FETRAN'NY FAMPIASANA NY ANTIBIOTIKA

Ny fampiasana ny fanafody rehetra dia tokony misy fetrany. Saingy marina kokoa izany ho an'ny antibiotika noho ireto antony manaraka ireto:

1. **Poizina sy tsy fahazakana.** Tsy mamono bakteria ihany ny antibiotika fa manimba ny vatana ihany koa izy ireny, na amin'ny fanapozinana na amin'ny tsy fahazakan'ny vatana azy. Maro ireo olona maty isan'taona nohon'ny fihinanana antibiotika tsy ilainy akory.

2. **Manakorotana ny fifandanjana natoraly.** Tsy ny bakteria rehetra ao amin'ny vatana no manimba. Ny sasany dia ilain'ny vatana mba hivelomany ara-dalàna. Ireo antibiotika matetika dia mamono ireo bakteria tsara miaraka amin'ireo izay manimba. Ireo zazakely omena antibiotika indraindray dia voan'ny tsindoha na olatra ao anaty vava (olatra fotsy maniry ao anaty vava, p. 232) na eo amin'ny hoditra (*moniliasis*, p. 242). Ny anton'izany dia ny famonoan'ny antibiotika ireo bakteria izay mifehy ireo olatra.

Toy izany koa ireo olona izay mihinana ampicilline sy antibiotika *miady amin'ny aretina maro* mandritra ny andro maro dia mety ho voan'ny aretim-pivalanana. Ireo antibiotika dia mety mamono ireo karazana bakteria izay ilaina amin'ny fandevonan-kanina, ka manakorotana ny fifandanjana natoralin'ny bakteria ao anaty tsinay.

3. **Fanoherana ny fitsaboana.** Raha zohiana izany dia ny tena antony lehibe tokony hamerana ny antibiotika dia satria REHEFA AMPIASAINA BE LOATRA NY ANTIBIOTIKA DIA LASA TSY MANDAITRA TSARA INTSONY.

Rehefa vonoina foana amin'ny antibiotika mitovy ny bakteria dia lasa mihamatanjaka ary tsy voavonon'izany intsony. Lasa *mahatohitra* ny antibiotika izy ireo. Noho izany antony izany dia lasa sarotra tsaboina tsy toy ny taona vitsy lasa ireo aretina mahery vaika toy ny tefoedra.

Amin'ny toerana sasany, ny tefoedra dia lasa mahatohitra ny chloramphenicol, izay fanafody tsara indrindra hitsaboana azy raha ny tokony ho izy. Ny Chloramphenicol dia lasa ampiasaina be loatra ho an'ny aretina malefaka, aretina izay tokony sitranina amin'ny antibiotika hafa izay mandaitra ihany koa, na aretina tsy mila antibiotika akory.

Maneran-tany dia lasa mahatohitra ny antibiotika ny aretina mahery vaika— ny tena anton'izany dia ny fampiasana antibiotika be loatra amin'ny aretina malefaka. **Raha mbola tiana hamonjy aina ny antibiotika dia tokony ferana ny fampiasana azy ireo amin'izao fotoana.** Miankina amin'ny fampiasan'ny dokotera, mpiasan'ny fahasalamana ary ireo olon-tsotra azy ireo ampahendrena.

Ho an'ny ankabeazan'ireo aretina malefaka, ny antibiotika dia tsy ilaina ary tsy tokony ampiasaina. Ny aretin-koditra malefaka dia afaka tsaboina amin'ny fomba mahomby amin'ny savony malefaka sy rano, na lomana amin'ny rano mafana, na koa mety hoe amin'ny alalan'ny fandokoana azy amin'ny bleu de gentiane (méthylène) (p. 370). Ny aretina mahazo ny taovam-pisefoana malefaka dia afaka tsaboina amin'ny alalan'ny fisotroana rano be dia be, fihinanana sakafo tsara ary ny fakàna aina tsara. **Ho an'ny ankabeazan'ny aretim-pivalanana, ny antibiotika dia tsy ilaina ary mety hanimba aza.** Ny zavadehibe indrindra dia ny fisotroana rano be dia be (p. 155), sy ny fanomezana sakafo ara-dalàna vantany vao afaka mihinana ilay zaza.

| |
|---|
| **Aza mampiasa antibiotika amin'ny aretina izay afaka toherin'ny vatana tsara. Aleo rehefa tena ilaina izany vao ampiasaina.** |

Raha te hianatra bebe kokoa mikasika ny fampiasana ny antibiotika amin'ny fomba mahomby, jereo ny *Manampy Ireo Mpiasan'ny Fahasalamana Hianatra*, Toko 19.